HFKF 6

## Manohitra marindrano ny tolo-dalàna « ITG »

Tononkira
MARIAGE
Fenoamby 4


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 23 oktobra 2021 | Laharana 1224 | Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Tsy neken'ny Frantsay ny fanendrena 2

## Miandry an'i Rinah eto an-toerana ny raharaha SMMC

**Politika sy ireo Malagasy any ivelany** 2

## Hamondrona ny heriny ireo mpomba an-dRavalo any Frantsa



**Asan-gazety fanadihadiana lalina na investigation** 3

## Namoaka lalàna manohintohina izany i ministra Veta



**Filoha Rajoelina** 3

## Mivadibadi-dela lava tsy matotra mihitsy



**Nosy-Be, faritra Diana** 7

## Tsy rariny intsony ny vidin'ny simenitra



**Manjaka Ilafy Avaradrano** 6

### Nifampitana ny jiolahy sy ny polisy, jiolahy iray no lavo

**Premier festival de moto à Madagascar** 6

### Raikitra ny hetsika hanomboka anio eny Ivato

**Daka kely**



Nanaraka ny tenin'i Zokibe
Raiamandreny ihany ialahy
ry Boaikely momba ny vaksiny a !

POLITIKA SY IREO MALAGASY ANY IVELANY

# Hamondrona ny heriny ireo mpomba an-dRavalo any Frantsa

Toy ny ataon'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sy ny RMDM (Rodoben'ny Demokrasia eto Madagasikara) eto an-toerana, fantatra izao fa hamondrona ny heriny koa ireo Malagasy monina sy miasa any Frantsa mpomba ny filoha Marc Ravalomanana. Hamondrona ny heriny ireo ao amin'ny antoko sy vondrona politika miara-dia amin'i Dada any ivelany, toy izany koa ireo olon-tsotra resy lahatra amin'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM sy ny RMDM. Nanao fanambarana izy ireo mahakasika izany:" izahay rehetra mpanohana ny filoha Marc Ravalomanana eto Frantsa, dia nanapa-kevitra ny hitambatra ato anatin'ny vondrona iray izay mitondra ny anarana hoe "Pro-Ravalomanana France". Hiara-hiasa am-pirahalahiana sy hanao ny fomba rehetra ara-dalàna hitondra ny filoha Ravalomanana hatrany amin'ny fandresena amin'ny fifidianana Filoham-pirenena ho avy. Natao ity fampandrenesana ity, mba hampahafantarana ny zava-misy eto Frantsa ary manantena fiaraha-miasa avy amin'ny filoha Ravalomanana sy ny rehetro izahay". Izay mitambatra tokoa vato, fa izay misaraka fasika, hoy ny fahendren'ny razantsika izay.




*Paris, renivohitr'i Frantsa.*

***Isambilo***

Tsy neken'ny Frantsay ny fanendrena

# Miandry an'i Rinah eto an-toerana ny raharaha SMMC

Heno izao fa dia nolavin'ny fitondrana frantsay, ny maha mpanolotsainan'ny Masoivoho Malagasy any Frantsa an'i Rinah Rakotomanga, ilay Talen'ny serasera tao amin'ny fiadidiana ny Repoblika teo aloha. Izay no lalàna eo amin'ny fifandraisana ara-diplaomatika , tsy maintsy ilaina ny fankatoavana avy amin'ny firenena mpampiantrano na dia masoivohon'ilay firenena niaviany aza no iasana any ivelany. Satria tsy ara-dalàna izany ny maha mpanolotsaina azy ao Parisy, dia tokony hangoron'entana mody an-tanindrazana Ramatoa Rinah Rakotomanga, raha tsy hoe "hikilandy" any ivelany angaha, na hitonona ho mpitsoa-ponenana politika indray, somary tratra aoriana izao fandavan'ny vazaha an-dRamatoa Rinah Rakotomanga izao, fa raha ny tokony ho izy dia izy mihitsy no tokony ho natolotry ny fitondrana ho filohan'ny holafitra , saingy ny olana amin'izay dia izy tsy dia mifankahazo loatra amin-dRamatoa minisitra Veta, fa na izany aza dia mbola azo eritreretina ny mety haha solontenan'ny mpanao gazety azy ao amin'ny Ceni.



*Ny tale teo aloha, tao amin'ny fiadidiana ny Repoblika.*

Fa ny raharaha lehibe miandry azy, sy mety antony tsy nahazoany ny fankatoavana avy amin'ny fitondrana frantsay dia noho izy voasaringotra amin'ny raharaha SMMC, izay efa nahitana taratra fa tsy ahafahany miala . Koa manantena ny olompirenena rehetra, fa tsy misy ny tsy matimanota eto amin'ny firenentsika ary ny fitsarana koa raha mijoro amin'ny maha izy azy dia tokony hampihàtra amin'ny antsakany sy andavany ny soratra mivandravandra eny amin' ny lapan'ny fitsarana manao hoe :" ity lapa ity dia natao hikarohana ny fahamarinana , ho fialofan'ny malemy ary ho andrin'ny firenena".

***Ny Valosoa***

Ramamonjisoa Regis

# Mitsikera ny tsy mety ataon'ny fitondrana ny GFFM

Tokony ho tanterahin'ny fitondram-panjakana antsakany sy an-davany avokoa ireo fampanantenana nataony ho an'ny vahoaka, indrindra eo amin'ny fanatsarana ny sosialim-bahoaka amin'izao, taorian'ny krizin'ny « Covid19 » izao, hoy i Andriamatoa Ramamonjisoa Regis, mpikambana ao amin'ny antoko GFFM, no sady ao anatin' ny vondron'ny fanoherana RMDM. Nanamafy ity mpikambana ao amin' ny RMDM ity fa tsy mitovy hevitra amin'ny fomba fitsikerana ny fivoaran'ny raharaham-pirenena ataon'ny sasany, izay miandry kendry tohana ataon'ny mpitondra fanjakana fotsiny, fa tsy manitsy ny dian'ny mpitondra, na koa manolotra soso-kevitra. Nanamafy Andriamatoa Ramamonjisoa Regis, fa tokony hasiana fifanajana ohatra, ny fomba fanehoan-kevitra mikasika ny trangana voina nataon'ireo mpiambina ny Filoham-pirenena tetsy Ambatobe ny faran'ny herinandro teo, izay namoizana ain'olona iray, izany hoe maneho fiaraha- miory amin'ny fianakaviana mana-manjo aloha, izay vao manolotra soso-kevitra, mba tsy hiverenan'ny loza intsony amin'ny fotoana manaraka. Nanohy fanazavana ity mpikambana ao amin'ny vondrona RMDM ity, fa tokony hataon'ny mpanohitra am-pahendrena ny fomba fanoherana, mba hahafahan'ny fitondram-panjakana manitsy ny diany, fa tsy vahaolana ohatra ny fivoizana be fahatany ny fametrahan'ny mpitondra ny faritra faha 23, na koa firesahana ny ala may any amin'ny faritra Atsimo na koa any amin'ny faritra Bongolava. Ekena fa tsy hahavita fahagagana ao anatin'ny fotoana fohy ny fitondram-panjakana amin'ny fitantanana ny firenena hoy i Andriamatoa Regis, kanefa kosa tsy mitsahatra manolotra vahaolana foana manoloana ny fivoaran'ny raharaham-pirenena ny antoko Gffm ary tsy maintsy mitsikera mafy ireto farany manoloana ny zavatra tsy mety ataon'ny fitondrampanjakana.



*Ramamonjisoa Regis, avy amin'ny GFFM.*

***Franck Razakambelo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Miseho hatrany ny tsy fanomezan-danjan'ny fitondrana ny sendikà eto Madagasikara

Efa fahita izany fihetsiky izany na tao anaty tetezamita, na izy ao anatin'izao fotoam-piasana efa misasaka izao. Tao anatin'izao dia mbola nahitana fihetsika feno tsindry sy ramatahora atao amin'ireo mpikambana, indrindra ireo mpitarika ny sendikà. Niaraha-nahita ny nahazo ny avy eo anivon'ny paramedy. Tsy adino ny nisongadina nanjo ireo mpitarika ny sendikà tao amin'ny orinasa Jirama, ny tao amin'ny kaompaniam-pitaterana an'habakabaka Air Madagascar, sns...

Ilay tsy fahafantarana ny maha zava-dehibe ny fisian'izy ireny ao anatina firenena ve ny tena fototry ny olana? Raha mpitondra manana fahaizana sy fahendrena amin'ny fitondrana firenena, dia tena ilaina ireny, fa izy ireo no maso sy sofina amin'ny toe-javamisy any amin'ny sehatra samihafa any, na any amin'ny fanjakana na eny amin'ny tsy miankina. Ny filazana na hetsika ataon'izy ireny no lakolosy fanairana, ka hanarenana ny lesoka sy hanitsiana ny dia amin'ny fitantanam-pirenena. Tsy izany anefa no tsikaritra amin'ny fihetsika sy fomba fiasan'ny fitondrana, fa raisiny hatrany ho fanakianana azy sy indrindra ny loza dia ny fiheverana mandrakariva amin'ny fisian'ny resaka politika. Tena tsy fahaizana mitondra izany. Ny mahafinaritra izao fitondrana izao dia ny fisian'ny sokajin'olona na vahoaka manasohaso sy misolelaka aminy. Iaraha-mahita izany amin'ny toerana samihafa hamoriany olona.

Endrika iray isehon'ny fanitsakitsahana ny demôkrasia eto amin'ny firenena ny tranga miseho amin'ny fanohintohinana ny hetsika sendikaly. Ny fahalalahana miteny sy maneho hevitra no voakasika ao anatin'izay, izay fototry ny demôkrasia. Tsikaritra fa tsy vonona hiova na hitondra fiovàna amin'ny fomba fiasa ny fitondrana toy izay efa nataony hatramin'izay. Tsy hita soritra mihitsy ihany koa ny finiavany hifanatona hifampiresaka amin'ireo izay manao hetsika hitadiavam-bahaolana. Anisan'ireny, ankoatra ny eny amin'ny Anjerimanontolo, ny eny amin'ny mpitsabo mpanampy, ny mpiasan'ny kraoma, ireo vondron'ny orinasa manao lalana, sns... Sehatra maro no tsy ahitan'izao fitondrana izao vahaolana fa mihitsoka, izay midika ho tsy fahaiza-mitantana firenena izany.

***Sôh'son***

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao mahakasika ny olan'ny baolina kitra eto amintsika, indrindra ny mahakasika ny faharesen'ny CFFA Madagasikara farany teo. Tena mahamenatra tokoa ilay fanapahan- kevitra tsy handefa ny CFFA hanao ny lalao miverina any Luanda na resy 3 no ho 0 aza teto. Fitaizana ny sport ka na resy aza dia mitaiza foana izany, ilaina koa ny mianatra resy, fa izany no mamporisika sy manome hambompo hitroatra. Ny Raiamandreny dia mpamahery ny zanany raha sendra mandalo fahasahirana ary mamporisika azy, fa tsy sanatria manakivy azy. Vao haingana isika no nahita an' i Niger efa resy 6 sy 1 tany aminy, fa namaly izy, ka nandresy rehefa nanafika taty amintsika, ka isika indray no tsy tafakatra CAN ny niafarany. Ohatran'ny moramora ery ny miteny an'izany hoe 25000 euros... sazy izany. Efa mbanantena hahita an'i Angola ireo mpilalao, ka raha misy ny hevitra, efa nitady vola ihany ny tao amin'ny ekipa, ka tokony ho nalefa any Luanda hanao ny lalao miverina ihany izy ireo, ny baolina rahateo boribory.

***Aro Rajaonarivo***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Filoha Rajoelina

# Mivadibadi-dela lava, tsy matotra mihitsy

Tsy hay intsony ny anasokajiana izao "fitondrana manarapenitra" izao, satria efa mihàtra aman'aina foana ny fahavoazana eo amin'ny sehatra rehetra vao mody mikoropaka, sy miseho mandroso vahaolana. Atomboka amin'ny fampahatsiahivana ny nataon'ny fitondrana nanoloana ny valanaretina covid-19 ny resaka entina manamafy izany. Namaivanin'ny minisitry ny serasera sy ny kolontsaina ho tsy mafy noho ny aretina pesta sy kolerà ity valanaretina ity. Noho ny fahatsapana fa efa tena loza nihàtra ny valanaretina dia niantsoantso ny teo anivon'ny fanoherana momba ny fanidiana ny sisintany sy ny habakabaka. Efa niparitaka ny valanaretina vao nanao izany ny fitondrana ary namoaka didy nampiharana ny hamehana ara-pahasalamana (état d'urgence sanitaire) mihitsy. Na izany na tsy izany dia nampitodika ny mason'izao tontolo izao teto Madagasikara ny filohan'ny Repoblika, satria namokatra fanafody, CVO, mahasitrana ny "corona virus", hono, ny Imra etsy Itaosy. Tsy ilaina ny mitanisa ny tsy fahombiazan' ity fanafody ity na teto an-toerana na tany amin'ireo firenena avy any ivelany, mba tonga naka ny anjarany. Na dia efa hita sy tsapa aza izany tsy fahombiazana izany dia tsy nanaiky nanao vaksiny ny filohan'ny Repoblika Rajoelina, fa ny CVO ihany, hono, no niaro azy sy ny fianakaviany. Rehefa namonjy ny fivoriamben'ny Firenena Mikambana tany New York anefa ity filohan'ny Repoblika Malagasy ity dia nivoaka tamin'ny tambazotran-tserasera any ivelany, fa efa vita vaksiny izy ny volana febroary 2021 izy. Marihana fa tsy afaka niditra tao amin'ny efitrano fivoriana tao amin'ny foiben'ny Firenena Mikambana izay tsy vita vaksiny. Araka izany dia toa te-handripaka ny vahoaka Malagasy amin'ny fomba an-kolaka izao fitondrana izao, satria matoa tsy nanamarina na nandiso ity vaovao ity ny ao amin'ny fiadidiana ny Repoblika, na izy tenany voakasika, dia marina izany ny vaovao. Amin'izao fotoana izao raha niantso ny mpiara-miombon'antoka sy ireo tomponandraikitra ao amin'ny masoivohon'ny firenena any ivelany ny filohan'ny Repoblika, ka manao antso amin'ny vahoaka Malagasy izy hanao vaksiny. Angamba tsy noho ny fitiavany ny mpiray tanindrazana aminy, fa noho ny fiandrandrana vola hirotsaka indray. Tsara ampahatsiahivina fa vao tafaverina avy any amin'ny fivoriamben'ny Firenena Mikambana sy nihaona tamin'ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolam-pirenena (FMI) ny filohan'ny Repoblika, ka nahazo ilay 332 tapitrisa dolara (DTS) dia nandeha tany Atsimo nampanantena indray, fa hatomboka ny fametrahana ilay fantsona fitarihan-drano. Nahatsapa, angamba, ny filohan'ny Repoblika fa tsy azony atao ny mampiasa io vola io, ka tao amin'ny fivoriana voalaza etsy ambony dia nanambara ihany koa fa laharampamehana ny ady amin'ny kere any Atsimo sy ny ady amin'ny fahapotehan'ny tontolo iainana. Araka ny vaovao dia efa miisa efajato sy iray tapitrisa no miaina ny tsy fahampian-tsakafo any Atsimon'ny Nosy dia mitalao amin'ny mpiara-miombon'antoka indray ny mpitondra. Ny manahirana ireo fikambanana iraisam-pirenena anefa dia ny fitantanana tsy misy mangarahara ataon'izay manana andraikitra rehetra eto Madagasikara. Ny zava-doza mananontanona ny vahoaka Malagasy rehetra ihany koa ny fisamboram-bola dimapolo ambizato tapitrisa euros amin'ny frantsay hanaovana "téléphérique" eto an-drenivohitra. Tsy misy zavatra marevaka hanaovana fisehosehoana ny fantsona fitarihan-drano any Atsimo, fa raha vita kosa ity fitateram-bahoaka tsy mitehan-tany fa mikorisa eny ambony eny ity dia hitanaka vava ny rehetra saingy maro no tsy afaka hitaingina izany kanefa mibaby trosa tsy maintsy hefaina na tiana na tsy tiana. Ny fanarenana ny orinasam-pirenena, raha tsy hiteny afa tsy Air Madagascar, izay manana trosa volopolo tapitrisa euros, no maika ary tokony ho nisamborana ny vola voalaza etsy ambony, satria samy fitaterana ireo. Hisokatra tsy ho ela ny sisintany kanefa dia ny hihazakazahan'ny mpitondra dia ny manova ny anaran'ny Air Madagascar ho Madagascar Arways, satria azo inoana fa misy ketrika indray ao ambadik'izany. Efa fomba fiasan'izao fitondrana Rajoelina Andry izao tokoa mantsy, hatrany amin'ny tetezamita, ny manodinkodina izay mety ho tombontsoam-pirenena ho any amin'ny tombontsoany sy ireo mpiaradia aminy manokana.

**Andry Tsiavalona**

SSM

# Tsy manaiky ny fanitsakitsahana ny zo fototry ny sendikà

Tsy afaka mangina amin'izao, manoloana ny fanitsakitsahana ny zo fototry ny sendikà, sy ny fitsabahan'ny fanjakana amin'ny fisitrahan'izy ireo izany zo izany ny firaisankinan'ireo sendika eto Madagasikara, na ny Solidarité Syndicale de Madagascar ( SSM). Nambaran'ny SSM, fa tsy manana fahefana handà na handrara fitokonan'ny sendika ny « Préfet » satria fampahafantarana ihany no atao eo anivon'ny toeram-piasana, ka tsy misy fiantraikany amin'ny filaminam-bahoaka ny fanatanterahana fitokonana izay, any anaty toeram-piasana. Fampahafantarana fotsiny no ataon'ny sendika fa tsy fangatahana alalana amin'ny « Administration » ; najaina tanteraka ny lalàna velona ary marihina fa tsy fiatoana tanteraka no atao fa misy ny "service minimum". Ny SSM dia manohana tanteraka ny fitakiana sy hetsika ataon'ny SEMPIDOU manerana ny Nosy, izay tsapa fa miaro sy mitsinjo tanteraka ny "fonction régalienne de l' Etat" sy ny fiandrianam-pirenena. Mampahafantatra ny manam-pahefana rehetra isan'ambaratongany ihany koa ny SSM, fa tsy hanaiky ny fisamborana ny sendikalista na ny mpitarika sendikaly na koa fampihorohoroana ara-tsaina sy arabatana.

Io no fanambarana nataon'ny SSM ny Alakamisy teo teny Andohan'Analakely. Nisy taorian'izany ny fihaonan'ny SSM ho fandresen-dahatra ny mpitondra fanjakana tao anatin'ny roa andro.

**Sôh'son**



*Ireo avy amin'ny sendika SSM.*

TONONKALO

## Fandaingana manara- penitra ?

Tena zava-tsy hainareo ve ny mamaritra fotoana,
Fa izay fetra mba lazaina, "disodiso kely" foana ?
Ny hihoerahoera mantsy, izay no tanjona hokendrena,
Hany ka tsy misy marina ireo mba fe-potoana omena ?

"Telo andro" no nambaran`ny filoham-pirenena
Dia hoe hidina amin`izay ny vidin`entana eny an-tsena.
Saingy hatreto dia tsy tsapa sy tsy hita aloha izany.
Fa raha ny kapoakam-bary, mbola fitonjato ihany.

Hisy koa ny sambo ho avy, hoentina mamaha ireo olana.
Raha ny vinavina izany dia hoe afaka iray volana.
Saingy hatreto toa tsy hita fa nijanona ho teny.
Misy "ambotaiazy" koa ve eny an-dranomasina eny ?

"Efa vonona daholo" hoy ny filoha, somary jenitra,
Ny amin`ny entina hananganana an`ireo "manara-penitra".
Dia ny mpiasa no indro niesona, tsy nandray karama indray,
F`izay ve `lay "manara-penitra" hidedahana aminay ?

**DADAN`i ZINA (21-10-21)**

ASAN-GAZETY FANADIHADIANA LALINA NA INVESTIGATION

# Namoaka lalàna manohintohina izany i ministra Veta

Lany tsy nisy mpifaninana ho filohan'ny Holafitry ny mpanao gazety Ramatoa Rasoloarison Monica nitarika ny lisitra nahitana anarana 92, izay azo antoka fa olona samy tsy mifankahalala akory na tsy mahafantatra, na tsy fantatr'ilay filoha mihitsy, kanefa dia niray lisitra, satria ny ministera no nandrafitra ny lisitra. Sambany teo amin'ny tantaran'i Madagasikara, no nisy izany Holafitra nahitana mpikambana zato latsaka kely izany, Ramatoa ministry ny serasera na i Ministra Veta no mahavita izany.



*Ny ministry ny serasera Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy.*

Vao « voafidy » Ramatoa Monica, ny nambarany voalohany dia ny filazana, fa tsy ara-dalàna hono ny maha-mpikambana ao amin'ny Ceni an'i Marc Antoine, satria nofidian'ny Holafitra notarihan'ny Filoha Rakotonirina Gerard hono, fa izay tendren'ny holafitra vaovao tarihany hono no ara-dalàna, tonga dia mazava fa izay no iraka nampanaovina azy dia ny hanendry mpikambana Ceni saribakolin'ny fitondrana lany tamin'ny '' doublon'', mpikambana azo antoka fa azo ho ampiasaina indray hanao hosoka amin'ny fifidianana manaraka eo.

Fa tsy izay ihany no ho andrasan'ilay minisitra Veta amin'i Ramatoa Rasoloarison Monica, fa ny hanome vahana ireo mpanao gazety mpanaty ran-kena sy handetika ireo mpanao gazety sahy mijoro amin'ny fahamarinana. Ny tena mampalahelo dia maro amin'ireo mpikambana ao amin'ny biraon'ny holafitra vaovao avy any amin'ny faritra no mihevitra, fa hahazoambola ilay toerana, tsy tsapan' ireo vao nolaniana ireo, fa tsy misy tombontsoa ara-bola anie na arapitaovana azon'ny birao teo aloha, fa ny fitiavana ny asa fanaovangazety, sy ny tsy fanekena ny herisetra amin'ny fampahalalam-baovao no nampijoro ireo mikambana notarihan' ny Filoha Rakotonirina Gérard.


Ny mpitondra mandalo fa ny asa fanaovangazety mitohy eny foana, ny zava-miseho ankehitriny dia ahatsapana fa faran'izay ratsy toerana Ramatoa Minisitra miadidy ny serasera ary tsy izay ihany, f'ilay fitondrana ianteherany mihitsy no efa hazo amoron-tevana, ny dikan'izany, Ramatoa Rasoloarison Monica soavalin'ny minisitra efa mitsingilahila dia ahiana hiara-hilentika amin'ny fitondrana any amin'ny hantsana mangitsokitsoka.

Fantatra izao fa ny herinandro voalohany amin' ny volana novambra izao no hamerina ny vola nomen'ny ministra Lalatiana azy ireo nitsaboana ny filohany Anny, ireo vehivavy mpanao gazety, na Femme Journaliste de Madagascar, vola mitentina 4 tapitrisa Ar izy io. Raha ny fahafantarana azy anefa dia tsy volandramatoa madiiodio io vola io, fa volan'ny ministera. Ankoatra izany, voatohintohina amin'izao fotoana ny asa fanaovangazety, indrindra ny momba ny fanaovana fanadihadiana lalina na investigation, namoaka lalàna sadasada momba izany i ministra Veta sy ny ekipany, fa tsy maintsy maka alalana hono ireo mpanao gazety rehetra hanao izany fanaadihadiana lalina izany, indrindra ireo mpanao gazety vahiny. Ny fahitalavitra vahiny goavana eran-tany ve dia ho azony amin' izany raha tonga eto tokoa toy ny CNN, ny BBC, ny Aljazeera, ny France24,... sady izy ireo dia miara-miasa amin'ny mpanao gazety Malagasy amin'ny fanaovany fanadihadiana lalina izay ka tsy ho voasakana izany mihitsy.

Eo isika mahita ny ho fampiharana izany lalàna sadasada izany.

**Ny Valosoa**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Arovana R.

POLISY MISAHANA NY ZAZA TSY AMPY TAONA, ANTSIRABE

# Nanome torohay ny mpianatra momba ny fanararaotana samy hafa mety hihàtra amin'izy ireo

Polisy misahana ny zaza tsy ampy taona, na ny Pmpm Antsirabe: mitety sekoly ny polisy any an-toerana ary manome torohay ho an' ireo ankizy manoloana ny fanararaotana sy ny fakam-panahy mety hahazo azy ireo eny anivon'ny fiaraha-monina. Nidina ifotony nitondra fanentanana ho an' ireo mpianatra miisa 2435, tao amin'ny CEG Soamalaza Antsirabe faritra Vakinankaratra ny Polisy misahana ny zaza tsy ampy taona. Izany no natao dia ho fiarovana ireo ankizy, manoloana ny fanararaotana amin'ny endrika maro samihafa, na ihany koa ny fakam-panahy mety hahazo azy izay mety hamotika ny ho aviny. Fanentanana nifototra tamin'ny fisorohana ireo tranga matetika mahazo ireo ankizy izany, toy ny fanolanana, ny fifoterana, ny fanalana Zaza, ny fifohana zava-mahadomelina sy ny maro samihafa...



*Ankizy marobe toy izao, no nahazo fanentanana avy amin'ny polisim-pirenena tany Antsirabe.*

Tafiditra ao anatin'ny asan'ny Polisim-pirenena ny fanatonana ny vahoaka amin'ny alalan'ny fidinana ifotony eny anivon'ny fokontany, sy ny sekoly tahaka izao, mba hananan'ny olom-pirenena torohay mikasika ny fihetsika tokony ho ataony raha sendra ny trangampiaraha-monina mety ilana ny mpitandro ny filaminana izy ireo.

***Stefa***

Fikambanana « ASCAL »

# Manomana ny « Miara-misôma » Andiany faha- 04

*Ny sary famantaran'ny « ASCAL ».*

Ny taona 2017 no nijoro ara-panjakana ny « Association Sportive Culturelle, Animation et Loisirs » eo anivon'ny Minisiteran'ny toe-karena sy ny fitantanam-bola (ASCAL). Ny « ASCAL », izay miezaka mampivelatra ny sehatry ny kolontsaina sy ny fanatanjahatena ary ny fialamboly eo anivon'ny Minisitera. Ny hahafahana manamafy orina ny firaisankina sy firahalahiana ary ny fifankatiavana eo amin'ireo samy mpiasa no antom-pisiany. Azo ambara ihany koa, ho banja malalaka mampifanakaiky bebe kokoa hatrany ireo samy mpiara-miasa ny fisian'ny « ASCAL ».

**Déjeuner dansant**

Ho fanomanana ny hetsika ara-panatanjahatena sy kolontsaina ary fialam-boly « Miara-misôma », andiany faha- 04, izay hatao, any , Toliara, ny 29 Novambra hatramin'ny 03 desambra ho avy izao, no hiketrahan'ireo mpitantana ny « ASCAL », fiaraha-misakafo laroina hira, dihy ary mozika « Déjeuner dansant », hotanterahana, etsy, amin'ny Espace Yandi By-pass Alasora, ny alahady 24 oktobra izao. Ny « Miara-misôma » andiany faha- 04, izay sehatra ahafahan'ireo mpiasa eo anivon'ny Ministeran'ny toekarena sy fitantanam-bola maneho ny talentan'izy ireo eo amin' ny lafiny fanatanjahatena, izay misy lalao ara-panatanjahatena miisa 18 sy kolontsaina: hira, mozika, dihy, kabary, antokom-pihira, billard, …

Raha fintinina, mampiaradalana mandrakariva ny mahasoa sy ny mahafinaritra ny fanatanterahana ny hetsika « Miara-misôma », izay karakarain' ny fikambanana « ASCAL ».

***Lalasoa R.***

## Mazotoa mihira

***Mety maro no hisafidy hanorin-tokantrano, hatao mariazy (mariage) anio sabotsy. Hira mahakasika an'izay no atolotra anao androany, hiran'i Fenoamby mpanakanto Malagasy monina atsy amin'ny Nosy La Réunion. Mariage no lohateniny, hirain'i Fenoamby. Koa dia mazoto mihira ary e!***



### MARIAGE

Hi Hi Hi Hiiiiii
Tano tano tano tano mon frère a
Aza avelaaaaa
Hoy a e e e hoy a
Hoy a e e eeee
Mino minia ra ha
Hoy a e e e hoy a
Hoy a e e eeee
Mino minia ra ha
Ho tsara eky sôra nao
fa k'aza manano ratsy a-rô

Tsy mety e e e
Miady ny anjaran'olo ô !
Ho tsara eky sôra nao
fa k'aza manano ratsy a-rô
Tsy mety e e e
Miady ny anjaran'olo ô !
Izaho drako na ratsy ratsy
Nataon zanahary
Za tsy malahelo o o o
Fa faly za mahita anao ô
Izaho drako na ratsy ratsy
Nataon zanahary
Za tsy malahelo o o o
Fa faly za mahita anao ô
Hoy a e e e hoy a
K'aza meky e e e
Manambady tanoraaa
Fa mijaly jery e e e hoy a !
Karaha hitanao tsy tsara
Ny antranonao koa mahita ny hafa e
Hoy a
E hoy a
E hoy a
E hoy a
Ka tsy mandrara manambady izaho
zalahaby eeee
Ka tsy mandrara manambady izaho
zalahaby eeee
Mitandrema tsara be vao malakantrano
o
Mitandrema tsara be vao malakantrano
o
Ka tsy mandrara manambady izaho
zalahaby eeee
Ka tsy mandrara manambady izaho
zalahaby eeee
Mitandrema tsara be vao malakantrano
o
Mitandrema tsara be vao malakantrano
o
Aho hiraaaaa
Roooooooooo hoy
Hoy a e e e hoy a
Hoy a e e eeee
Mino minia ra ha
Hoy a e e e hoy a
Hoy a e e eeee
Mino minia ra ha
Ho tsara eky sôra nao
fa k'aza manano ratsy a-rô

Tsy mety e e e
Miady ny anjaran'olo ô !
Ho tsara eky sôra nao
fa k'aza manano ratsy a-rô
Tsy mety e e e
Miady ny anjaran'olo ô !
Izaho drako na ratsy ratsy
Nataon zanahary
Za tsy malahelo o o o
Fa faly za mahita anao ô
Izaho drako na ratsy ratsy
Nataon zanahary
Za tsy malahelo o o o
Fa faly za mahita anao ô
Hoy a e e e hoy a
K'aza meky e e e
Manambady tanoraaa
Fa mijaly jery e e e hoy a !

Karaha hitanao tsy tsara
Ny antranonao koa mahita ny hafa e
Hoy a
E hoy a
E hoy a
E hoy a
Ka tsy mandrara manambady izaho
zalahaby eeee
Ka tsy mandrara manambady izaho
zalahaby eeee
Mitandrema tsara be vao malakantrano
o
Mitandrema tsara be vao malakantrano
o
Ka tsy mandrara manambady izaho
zalahaby eeee
Ka tsy mandrara manambady izaho
zalahaby eeee
Mitandrema tsara be vao malakantrano
o
Mitandrema tsara be vao malakantrano
o
Aho hiraaaaa

Rooooooooooooo hoy
Hoy hoy hoy hoy hoy hoy hoy hoy

hoy hoy hoy hoy hoy hoy hoy hoy

***Mpihira : FENOAMBY.***

## Sakafo Ny Valosoa



Ovy sy totokena atao saosy sy ketsaketsa, na khimo indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Maro ireo soa azo avy amin'ny hodina voasary amin'ny vatan'olombelona

Maro ireo soa azo avy amin'ny hodina voasary amin'ny vatan'olombelona. Ao anatin'ny hodiny no tena misy ny vitamine C, satria 71mg vitamine C ny ao anatin'ny voasary fa ny 136mg vitamine C no ao anatin'ny hodiny. Ireto ny zava-tsoa entiny: miaro amin'ny cancer na homamiadana, mampilamina ny tahan'ny siramamy ao amin'ny rà. Miaro ny fo, mampidina tosi-dra, mampidina ny tahan'ny cholestérol ao amin'ny rà. Mampihena vatana, manala tavy. Tsara ho an'ny maso. Manampy amin'ny fandevonan-kanina. Anti-inflammatoire, manatsara ny nify, manadio nify, manatsara ny hoditra. Tsara ho an'ny taovam-pisefoana, manala kohoka sy sery. Atao dite izy mbola mando na efa maina. Atao hevoka, manala aretin'andoha. Hamainina dia totoina, asiana tantely, atao amin'ny tarehy: manala tasy, mony.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Tsaramandroso any amin'ny distrikan'Ambato Boeny, faritra Boeny

Ny tanànan'i Tsaramandroso any amin'ny distrikan'Ambato Boeny, faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Tsaramandroso ity tanàna ity, iray ao amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'Ambato Boeny. Any amin'ny faritra atsimo atsinanan'ny faritra Boeny no misy azy. Mbola tsy dia avo toerana izy, satria 60 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy ny katsaka, ny mangahazo, ny tongolo. Hita any koa ny voankazo isan-karazany toy ny manga, ny mokonazy, ny mahabibo.



## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Fa lehibe Jehovah ka mendrika hoderaina indrindra, sady mahatahotra, fa ambonin'ny andriamanitra rehetra."*

***I Tantara 16:25***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Ny ramatahora no mety hipoahan'ny sarom-bilany eto

**Hetsika Montpellier :** manomana famoretana goavana hono ny fanjakana, hoy ity minisitry ny fitsarana ity: "maro ireo mitady hanakorotana." Ity ramatahora ity angamba no hipoahan'ny tantara eto raha izao no mitohy.

**Nosy Rivomalala :** ALEO HIPOAKA HO ANATRA MAITRE , EFA LAINGA FOANA NO ATAONY MIAMPY DIDY JADONA TSY METY IO.

**Ranaivorazo Feno :** solelakisme 1er degré koa izany ve, no ataon'ity ministry ny fitsarana Imbiky Herilaza ity?

**Odile Raymonde Rakotomavo :** zay ve no mba faraherin'ity fitondrana jirika ity ? Anjaran'ny vahoaka no MIERITRERITRA !

**Gaston Ramahaafaly :** tsy misy famoretana maharesy herim-bahoaka izany rehefa tena hitroatra ny vahoaka, fa aleo hiteniteny foana eo ihany ireto mpitondra tsy mahay mitantam-pirenena ireto.

**Balogna Cajan :** io ramose ministra io mbola tsy teo dia efa nampihomehy. Mpanohana fitondrana an-jambany.

**Rakotomalala Maminiaina :** aleo anao eo, ny vahaolana am olana ze apetrakareo tsy voavahanareo tadiavina, fa tsy ny olona mananjo anao fitakiana no ampitahorina, fanjakana inona re ty e!

**Joseph Leroy :** IZAO VAO MIHIRATRA NY MASON-DRY VENDRANA MIANAKAVY, marina ny tenin'ny DEPUTE RODIN: ho avy hitokona ny 85%, LOZA HO AVY AMIN'NY FITONDRANA IO.

**Volombosary Makirana :** tantara ts fanadino an !

**Holy Lou Rsl :** mahana ny mpanao ratsy e!

**Hubert Rakotomandimby:** mpanongam-panjakana, tsy maintsy ho voaongana koa ireo e! ity aho eto!

**Iary Malala :** ilay mitaky ny trosany ve no lazaina fa hanakorontana?

**Arie Razafy :** poakaty, miala oust! manodiava hatramin'ny taranakareo zao! Tsy mahaloa trosa ndrai ny beroberoka, alefa reto a! garde des tonneaux ministre des injustices.

**Rafahafahana Tsifolaka :** fa ity ministère ity moa izany familiale a? Imbiky Anaclet dia vy eo Imbiky Herilaza!

**Christophe Rabemanantsoa:** aleo hitsapatsapa herim-bahoaka eo ihany ity fitondrana tsy mamely ity, tsy misy mahaatosika herim-bahoaka izany rehefa hitroatra izy. Mafy izany FRS izany tamin'ny Repoblika voalohany, fa nilavo lefona tamin'ny vahoaka. Mafy izany Resep izany fa resy tosiky ny be sy ny maro koa. Efa tsapan-dRajoelina ny fifidianana anticipé raha vao mihetsika ny vahoaka, ka io no mahatonga azy efa manao propaganda alohan'ny fotoana io sahady.



**François Bemahatana:** efa mandigny ny vahoaka, ho avy tsy ela hetsiky mahery vaika, raha zao fitondrana tsisy raha izao mbola eo.

**Claver Rakotomahery:** ny mpitandro filaminana mahazo vola no midaroka ny olona tsy manam-bola mitaky ny volany no misy eto, ka tsy maintsy ho avy ny farany. Raha nitohy naniry tokoa ny hazo dia tafakatra tany an-danitra, fa tsy izay anefa no izy, fa misy farany raha jiaby e! ho avy fahatezeram-bahoaka io!

**Berthin Rabesoa:** efa tsy mamely ilay fitondrana mbola mandranitra olona ihany, toy ny nataon'ilay Praiministra. Mety tsy hahita lalan-kombana eo ireo, rehefa hipoaka tokoa ny tokoa a!

**Cathérine Razanantsoa:** misy farany ny fandeferan'ny olona. Rehefa potserina potserina foana eo ny zavatra iray, miporitsaka ny farany, ka izay no tsy maintsy zavatra hitranga eto amintsika. Ho avy ny herim-bahoaka hanilika ireo tsy mijery ny laharam-pahamehan'ny vahoaka ireo.

**Francette Rajaonarisamba:** lanin'ny fitondrana anaovana infrastructures ny vola, tokony ho karaman'olona dia miahaka ireo olona manao fitakiana eto amintsika amin'izao fotoana. Tsy tokony hilefitra izy ireo, fa tokony hanohy ny fitakiana hatramin'ny farany.

**Carole Andriantsivalana:** ny vahoaka no tompon'ny fahefana, ka rehefa mihetsika izy, mivadika ho azy manaraka azy ireo, ireo herim-pamoretana ireo. Mpanongam-panjakana toa an-dRajoelina sy ny forongony, tsy maintsy ho voailika amin'ny herim-bahoaka na ho ela na ho haingana.

**Zakaria Jaonasoa:** putchiste ka raha Rajoelina et consorts, hiala akeo amin'ny hetsi-bahoaka koa!

**Gustave Rabesaotra:** marina izany, naka fahefana tamin'ny hery, tamin'ny hosoka Rajoelina sy ny forongony. Zavatra toy izany koa no hanesorana an'izy ireo eo, mino izany aho!

### "Aquathlon sy Triathlon" any Toamasina

## Amin'ny 30 sy 31 ôktôbra 2021 no fotoana

Ho tanterahina any Toamasina amin'ny faha-30 sy 31 ôktôbra 2021 ho avy izao, ny hetsika "Aquathlon sy Triathlon", ho karakarain'ny ekipa tarihan'Andriambololona Tiana Raoelina, sy ireo mpanohana ary mpiara-miombon'antoka maro. Raha ny vaovao voaray dia efa vonombonona tanteraka ny fotodrafitr'asa rehetra handraisana an'ireo fifaninanana ireo any Toamasina, araka ny fitsirihana nataon'ny mpikarakara nidina tany an-toerana tamin'ny herinandro lasa teo. Ireo mpandray anjara handrasana hisoratra anarana etsy amin'ny kiosque ORTANA Antaninarenina, ho an'Antananarivo ary ao amin'i Mr Zo "responsable piscine CFUS any Toamasina fara-fahatarany amin'ny alakamisy 28 ôktôbra 2021 ho avy izao sisa handrasana. Ny fifaninanana Aquathlon dia ahitana « épreuves combinées » miisa 2 (ny lomano sy hazakazaka antongotra), handraisan'ireo katitakely anjara (Poussin 8 – 9 ans (2012 – 2013), Pupille 10 – 11 ans (2010 – 2011), Pupille 10 – 11 ans (2010 – 2011), Benjamin/Benjamine 12 – 13 ans (2008-2009), Minime 14-15 ans (2006-2007) ary ny cadet/cadette 16 ans et plus (≤2005). Ny fifaninanana Triathlon kosa dia ahitana « 3 épreuves combinées : natation – cyclisme – course à pied », ka hisy ny « triathlon sprint Course Individuelle et Course par Equipe » amin'ny sokajin-taona : - Cadet/cadette : 16ans – 17ans (2004 - 2005), Junior Homme / Femme : 18ans – 19ans (2002 - 2003), Senior Homme / Femme : 20ans – 40ans (1981 - 2001), Vétéran Homme / Femme : 41 ans et plus (avant 1980). - Hisy koa ny fifaninanana « Triathlon découverte » handraisan'ny sokajy - Benjamin/ Benjamine : 12ans – 13ans (2008 - 2009), Minime Garçon / Fille : 14ans – 15ans (2006 - 2007) eo amin'ny « Course Individuelle (natation, cyclisme et course à pied) » ary ny fifaninanana triathlon «Challenge inter-établissement ». Hanomboka amin'ny 12 ora atoandro ao amin'ny CRJS Toamasina ny fizarana « dossards » ho an'ireo mpifaninana ary amin'ny 3ora ny fanombohan'ny fifaninanana. Hanomboka amin'ny 7ora30 kosa ny fifaninanana amin'ny alahady 31 ôktôbra 2021.

***Rainilita***




*Ireo mpikarakara ny Aquathlon sy Triathlon Tamatave 2021.*

### Rallye RIM andiany faha-42

## Hitohy anio sabotsy sy rahampitso alahady

Hitohy anio sabotsy 23 sy rahampitso alahady 24 ôktôbra 2021, ny fifaninanana rallye RIM andiany faha-42, raha teny amin' ny Materauto Ankorondrano omaly zoma 22 ôktôbra 2021, no nanainga ireo mpifaninana hiatrika an'izany. Marihana fa dingana manokana mahatratra 14 mirefy 182,36 km, no hatrehan'izy ireo amin' ny ankapobeny, ka dingana 3 no narahana mivantana tamin'ny fahitalavitra omaly zoma dia ny ES1 nirefy 8,59 km nampitohy ny Ceg Ampanambe sy Ambohimizano (Duplex), ny ES2; 6,1 km nampitohy an'Antanety Vontovorona- sy Maizinandro, ny ES3; 6,1 km nampitohy an'i Maizinandro sy Antanety. Anio sabotsy 23 ôktôbra 2021 dia dingana manokana miisa 2, no hatrehana mivantana amin'ireo ho diavin'ireo mbola mandray anjara dia ny ES5; 11,8 km hampitohy an'Ambohinome sy Alakamisy sy ny ES 7 hampitohy an'Ambohinome sy Alakamisy. Rahampitso alahady 24 ôktôbra 2021 kosa dia dingana manokana miisa 3 ihany koa no harahana mivantana amin'ny fahitalavitra dia ny ES 9 ; 12,8 km ; hampitohy an'Ankorondrano amin'Amkadimainty, ny ES 13 ; 11,8 km, hampitohy an'Ambatomena sy Ambodimanga, ny Es 14 ; 8,26 km hampitohy an'Ambohinome sy Ambodifasina (Powerstage Duplex).

***Rainilita***




*Rallye RIM andiany faha-42.*

MANJAKA ILAFY AVARADRANO

# Nifampitana ny jiolahy sy ny polisy, jiolahy iray no lavo

Nifampitana ny jiolahy sy ny polisy teny Manjaka Ilafy distrikan'Antananarivo Avaradrano, vokany: jiolahy iray no lavo nandritra ny fifandonana. Fanafihana mitam-piadiana voasakan'ny polisy, ny fanafihana saika nataona olon-dratsy, ka jiolahy iray no namoy ny ainy. Vao nahalala ny polisy, fa misy andian-jiolahy nikononkonona hanao fanafihana mitam-piadiana tao amina tokantrano iray tany Manjaka Ilafy dia nidina haingana teny an-toerana ireto mpitandro filaminana ireto. Fotoana fohy monja dia tonga ny polisy ary mbola hita teo ireo olon-dratsy. Nisy ny fifandonana nahery vaika, ka lavo tamin'izany ny jiolahy iray niaraka tamin'ny basy vita gasy nampiasainy. Misy naman'ity jiolahy ity no tafatsoaka nandritra ny fifandonana ary efa eo am-pitadiavana azy ireo ny polisy eny Avarardrano. Nisy ny fiaraha-miasa tamin'ny vahoaka nanome vaovao momba izao fanafihana izao, ka tonga ara-potoana teny an-toerana ny mpitandro filaminana.



Ilay jiolahy lavo teny Avaradrano.

**Stefa**

HFKF

# Manohitra marindrano ny tolo-dalàna « ITG »

Ny kristiana dia mitsipaka marindrano ny tolo-dalàna momba ny fampiatoana ny fitondrana vohoka, na « Interruption Thérapeutique de Grossesse » (ITG), izay kasaina hodinihina indray eny amin'ny Antenimierampirenena, ao anatin'izao fotoam-pivoriany ara-potoana izao. Mahitsy sy mazava ny nambaran'izy ireo tamin'ny alalan'ny HFKF (Hetsika Fampiraisana Kristiana ho an'ny Firenena), omaly teny amin'ny Le Pavé Antaninarenina, momba izany, fa tena tandindonindoza ny firenena raha holaniana io tolo-dalàna io. Mifanohitra tanteraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra izany. Andriamanitra no miasa, mamolavola ao ankibon'ny olona. Tsy eken'ny kristiana ny mamono olona satria Andriamanitra no tompon'ny aina. Ary na ny toe-tsaina maha Malagasy aza dia tena tsy mifanaraka amin'io tolo-dalàna io, amin'ny filazany fa "Andriamanitra Andrianananahary". Amin'ny Malagasy "ny fanahy no olona". Raha vao sakanana ilay fanahy tsy hitsaika dia famonoan'olona izany. Raha misy mikasa hamono olona dia aoka isika tsy ho mpiray tsikombakomba amin'izany. Ankoatra izay, hoy ny HFKF, dia tsy nifampiresahana sy nifampidinihina io nefa hihàtra amin'ny olona, amin'ny taranaka. Tsy izay zavatra ataon'ny any ivelany tsy voatery ho mety amin'ny Malagasy, satria ity ITG ity dia tena voizina any ivelany any amin'izao fotoana izao. Ny fiangonana anefa ( indrindra ny FJKM), dia efa nilaza mahitsy sy mazava, fa tsy manaiky ny fanalan-jaza amin'ny endriny rehetra…


Ireo avy amin'ny HFKF nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly.

Mijoro araka izany ny kristiana, amin'ny fikasan'Andriamanitra apetraka eto amin'ny firenena. Manentana ny Malagasy, ny kristiana rehetra hifanome tanana hisakana io tolo-dalàna io. Efa be loatra ny olana, ny zava-manahirana eto amin'ny firenena ka aza ampiana intsony, hoy ny HFKF, miantso ireo depiote. Aoka ianareo depiote tsy hanokatra lalana ho amin'ny fanapotehana ny firenena. Zavadoza ho an'ny firenena ny fanekena io tolo-dalàna io, ary aoka isika tsy hiantso ozona ho an'ny firenena. Marihina fa fiangonana kristiana maro samihafa sy fikambanana maro eto amin'ny firenena no mivondrona ao anatin'ny HFKF.

**Radafy**

Hetsika ara-panatanjahantena faran'ny herinandro

# Tsy azo adinoina ny lalao basikety sy lalao rugby

Hetsika ara-panatanjahantena eto Iarivo, tsy azo adinoina ny lalao basikety 3x3 karakarain'ny Oniversiten'Antananarivo sy ny Fmbb eny Ankatso, hanomboka amin'izao marainan'ny sabotsy 23 ôktôbra 2021 izao, ka hitohy rahampitso alahady 24 oktobra. Eo ihany koa ny lalao rugby Top 5 vehivavy sy Doppel Top 20 sokajy federaly 1, miaraka ho tontosaina anio sabotsy 23 oktobra eny amin'ny kianja Makis eny Andohatapenaka ary ny lalao Doppel Top 20 manokana, ho tontosaina rahampitso alahady 24 oktobra 2021 eny amin'ity toerana ity hatrany.

**Rainilita**



Basket 3x3 sy rugby Malagasy.

Ranopiso RN13, Fort-Dauphin

# Fiara ambulance nanaovana trafikana tangoarake

Tra-tehaky ny mpitandro filaminana ny trafikana tangoarake, na corail noir, tany Ranopiso any amin'ny lalampirenena faha- 13 any amin'ny distrikan'i Fort-Dauphin faritra Anôsy. Fiara ambulance iray mpitondra marary no tra-tehaky ny mpitandro filaminana. Olona 5 no tompon'antoka tamin'izany izay malagasy avokoa. Ny marainan'ny 19 oktobra teo no nahatratrarana izany tangoarake na corail noir izany. Ny Sinoa no tena mpanao afera azy io. Voalaza fa tena lafo vidy izy ity, any anaty ranomasina no misy betsaka azy .Tsy isalasalana ny maha-mpiasan'ny fahasalamana azy 5 lahy tratra ireto . Tazonina any Ranopiso RN13 ireto tangoarake 70 kg ireto. Mandeha ny fanadihadiana. Gaboraraka ny zava-misy ao Anôsy ao.

**Marcus**


Ireo tangoarake tratra tany Ranopiso.

« Premier festival de moto à Madagascar »

# Raikitra ny hetsika hanomboka anio eny Ivato

Raikitra fa hanomboka anio sabotsy 23 oktobra, ka hitohy rahampitso alahady 24 ôktôbra 2021 eny amin'ny CCI : "Centre de Conférence Internationale" Ivato, ny hetsika "Premier festival de moto à Madagascar", izay ho karakarain'ny Kodiaran2. Fifaninanana maro no ho hita ao anatin'izany : -ny gymkhana, "équilibre", "championnat de Madagascar de vélo trial". Ary seho isankarazany ihany koa, toy ny "ventes expositions", village lifestyle » ary "concerts X'Inov.

**Rainilita**



Premier festival de moto à Madagascar.

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**02/10/2021 hatramin'ny 09/10/2021**

**- ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42

**- RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60

**- FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

**- ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 12 714 17

**- MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1224-10-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Boriziny faritra Sofia

## Manonga ny vidin-tsolika noho ny tsy fahampiany

Manonga ny vidin-tsolika any Boriziny faritra Sofia amin'izao fotoana, noho ny tsy fahampiany. Tsy ampy ny fivarotan-tsolika. Miakatra noho izany ny vidiny. Voalaza fa misy varo-maizina ataon'ireo mpivarotra solika any Boriziny. Namaly ny tompon'andraikitra, fa "teo aloha ihany no nisy fotoana be tsy nisy solika, fa amin'izao kosa dia adiny efatra ihany no farany tara dia efa tonga ny solika. Satria efa nampitomboina ny fiara manatitra entana any ao anatin'ny herinandro iray. Tsy maintsy manome amin'ny zerikanina izahay, hoy izy ireo, satria misy olona avy any ambanivohitra tonga mividy solika. Izahay tsy mamome solika mihoatra ny 5 zerikanina ho an' olona iray. Mba ho fitsinjovana ny mpanjifa rehetra", hoy ny fanambarany. Etsy andaniny anefa "vao tonga ny solika dia efa mandeha ny varo-maizina, ka lany tsy misy ny amin'ny tobin-tsolika, fa lasa eny amin'ny mpivarotra amin'ny sisiny ny solika. Ka lasa mividy amin'ny 5000Ar ny mpanjifa, raha ny lasantsy. Misy milaza, fa misy fifanarahana eo amin'ny mpitsinjara solika sy ireo mpivarotra amin'ny sisiny, amin'ny fandefasana ny solika. Mangataka ny hijerena akaiky izao toe-javatra izao ny mpanjifa, fa efa tsy rariny intsony izao zavatra izao, hoy izy ireo. Miantso ny orinasa, na ny mpanam-bola hafa koa izy ireo, afaka hanorina toeram-pivarotan-tsolika vaovao, hoy ihany ireo mpanjifa sasany ireo.



*Filaharana solika any Boriziny.*

***Aly***

### Nosy-Be, faritra Diana

## Tsy rariny intsony ny vidin'ny simenitra

Tsy rariny intsony ny vidin'ny simenitra any Nosy-Be faritra Diana, midanga be ny vidiny any an-toerana amin'izao fotoana. Noho izay antony izay, saika mitsahatra ny ankamaroan'ny asa mampiasa simenitra toy ny manao trano,… Velontaraina ireo mpandraharaha sy mpanao ary mpiasa trano any amin'ny Nosy Manitra amin'ny fiakaran'ny vidin'ny simenitra, satria raha teo anelanelan'ny 33000 Ariary sy 41000 Ariary izany teo aloha dia niakatra eo anelanelan'ny 44000 Ariary sy 50000 Ariary ny iray gony ankehitriny, ka lasa manahirana ny mponina, satria raha oharina amin'ny distrika hafa eto Madagasikara ny any Nosy Be, no anisan'ny lafo simenitra indrindra nefa any an-toerana, na Diego, no hampidirana ireo simenitra ireo avy amin'ny sambo amin'ny Faritra Diana, izany hoe ny mpandraharaha amin'ny faritra dia maka simenitra any Nosy Be na Diégo. Velontaraina ireo mpandraharaha sy mpanao ary mpiasa trano any Nosy Be, satria miditra fatiantoka izy ireo. Miantso ny tompon'andraikitra ny mponin'i Nosy-Be, hijery ny hampidinana io vidin-tsimenitra io. Tsy any Nosy-Be ihany no midangana ny vidin-tsimenitra, fa ny eto an-drenivohitra koa, saika manonga isan'andro ny fomba filaza azy ny vidiny.

***Niaina***




*Mila jeren'ny mpitondra akaiky ity vidin-tsimenitra midangana ity.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 369**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0368)

*Mitsivalana*
- Paradisa
- Ovy – In
- Kitoatoa
- Ela – Kaky
- Takio
- Aina
- Ao – Ianao

*Mitsangana*
- Poketra
- Ila
- Rotaka
- Avo – III
- Diakona
- Ta(ona) – An
- Sioka
- Anay – Fo

### TENY MIFANARAKA N° 369



**Mitsivalana**

**1.** Fitaovam-pitaterana **2.** Fanafody – Nidaboka eo ampandriana **3.** Zava-maro eny amin'ny lanitra – Tsofoka fanitarana **4.** Minitra maromaro – Heno **5.** Faran-teny – Mety sy rariny **6.** Eo amin'ny farafara – Mpanondro toerana **7.** Ao amin'ny sakafo – Esory **8.** Aotra – Mpanondro zavatra lavitra hita maso **9.** Làlanao **10.** Matanjaka – Tsy lavitra – Mamba (miv)

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka mpiray tanàna **B.** Itsofohanao **D.** Hery sy tanjaka – Bibilava **E.** Fanalahidy **F.** Fitantsoana anareo **G.** Maneho fahasamihafana – Ohatra **H.** Heloka – Milaza fananana **I.** Naoty – Ho hanina **J.** Tazana lavitra – Aviavy – Akaiky nefa tsy tazana **K.** Tsy marina (BL) – Hita eo amin'ny loha (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0368

**Mitsivalana**

**1.**Garana - Ory (miv) **2.** Alahamady **3.** Zoky - Boaty **4.** Eny - Al(a) **5.** Tatitra - Ao **6.** Raràna **7.** Manao - Soa **8.** AA - An - Otra **9.** Fidiovana **10.** Toko (miv) - Omaly (miv)

**Mitsangana**

**A** Gazety - Afo **B.** Alona - Maik(a) **D.** Rakitra - Do **E.** Ahy - Tianay (miv) **F.** Na - Trano **G.** Ambarao - Vy **H.** Naloa (miv) - Lao (miv) **I.** Ady (miv) - Antsa (miv) **J.** Ritra - Maro (miv) . Aato (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny famelomamaso ny antoko TIM tany Tsiroanomandidy, faritra Bongolava.










**Toeram-pitsaboana natoraly F.A.R.MA 67ha Nord**

Mitsabo ny aretina rehetra amin'ny alalan'ny zava-maniry sy ny otra reflexologie



F.A.R.MA

Fitsaboana-Aigny-Raokandro-Mahavelogno

**Tel : 034 12 400 80**



# A VENDRE

Les épisodes de la gueguerre de Lalatiana Andriantogarivo Rakotondrazafy vs La Gazette de la Grande Ile.

**Tel : 032 52 518 87**


## AVIS D'APPEL À VOLONTARIAT

*Toutes disciplines. Cet Appel à volontariat s'adresse à toute personne (physique ou morale) aspirant à l'éradication de la PAUVRETÉ-INJUSTICE.*

Dans le cadre de sa vocation d'être un réseau de développement, d'appui et de partage, l'AFK contribue à la mise en synergie d'un grand nombre de liaisons de coopération en constituant un lien interconnecté d'individus/ entités tendant vers la réalisation de leur vision respective en matière de développement effectif et rationnel. **Dans son schéma de développement, l 'AFK cherche en priorité des volontaires.** Toutefois si les tâches confiées sont trop volumineuses, les prestations pourront être évaluées pécuniairement conformément aux conditions générales d'utilisation (CGU) du réseau et des conditions particulières d'utilisation (CPU) de ses diverses structures de gestion.

Êtes- vous ambitieux (se), consciencieux (se), intègre, autonome et organisé(e) ? Dans la positive, prenez de l'expérience, exprimez vos connaissances, explorez vos talents et donnez sens à votre existence en intégrant l'AFK dans l'un de ces domaines ou des spécialités s'y apparentant :

| DOMAINE CONCERNÉ | MISSION CONFIÉE | PROFIL REQUIS |
|---|---|---|
| INTÉGRITÉ, ÉTHIQUE ET DÉONTOLOGIE | VEILLE ÉTHICO-MORALE-SÉCURITÉ DES BIENS ET DES PERSONNES. | DROIT. SCIENCES SOCIALES. SCIENCES RELIGIEUSES. THÉOLOGIE. SCIENCES DE GESTION |
| ADMINISTRATION ET RH | GESTION DES RH ET DES AFFAIRES GENERALES. | GESTION. ÉCONOMIE. ADMINISTRATION |
| BANQUE ET FINANCES | GESTION FINANCIÈRE ET INFORMATIQUE. | GESTION. ÉCONOMIE. ADMINISTRATION .INFORMATIQUE |
| RECHERCHE ET FORMATION | DÉVELOPPEMENT DES R&D- IEC | TOUS MÉTIERS |
| PROMOTION ET NORMES | RELATIONS PUBLIQUES-MARKETING-DISTRIBUTION | COMMUNICATION. GESTION. ÉCONOMIE. ADMINISTRATION. INFORMATIQUE |
| COMMERCE EXTÉRIEUR | COMMERCE INTERNATIONAL- FRET-TRANSIT- LOGISTIQUE | COMMERCE INTERNATIONAL FRET. TRANSIT. LOGISTIQUE |
| ARBITRAGE ET RÉSOLUTION DE CONFLITS | MÉDIATION ET ARBITRAGE-SÉCURISATION JURIDIQUE | DROIT. SCIENCES SOCIALES |
| COORDINATION GÉNÉRALE | ASSURANCE DE RELATIONS DE QUALITÉ AVEC LES INSTITUTIONS, ORGANISATIONS ET DIVERS RÉSEAUX DE COOPÉRATION | TOUS MÉTIERS |

Les critères communs valables pour tous les domaines : Diplôme universitaire, maîtrise des langues malagasy, française et compréhension de l'anglais, informatique bureautique et des qualités humaines évidentes et flexibles à la culture et la politique institutionnelles.

Veuillez envoyer votre CV à crf.afk@gmail.com avant le 6 novembre 2021 pour un contact rapide.